# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 02/10/2021 hatramin'ny 09/10/2021**

**- ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42

**- RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04/032 62 794 60

**- FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

**- ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08/034 12 714 17

**- MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1218-10-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TSY FANDOAVAN'NY FITONDRANA VOLAN'OLONA

## Tsy nandray karama 7 volana koa ny mpandanja fiara vaventy

Mitohy ihany ny tsy fandoavan'izao fitondrana Rajoelina izao volan'olona, tao aorian'ny mpiasan'ny CNRO Nosy-Be, tsy nandray karama 10 volana notaterina farany tamin'ity gazety ity, ireo mpandanja fiara vaventy, na ireo mpiasan'ny Station de pesage amin' ny lalampirenena eto amintsika indray izao no mitaraina, tsy nandray ny karamany nandritra ny 7 volana izao. Mitaky ny karamany ireo mpiasa, sakana sy sorabaventy no miranty eny amin'ireo toerampandanjana fiara vaventy anamarinana ny vesatra entiny, na station de pesage, amin'ny Lalam-pirenena faha-2, faha-4, faha-6 ary faha-7, entin'ny mpiasa anehoana fitakian-karama, izay ambaran'izy ireo fa efa amambolana no tsy voaray, 7 volana araky ny sora-baventy arantiny.




*Ny fitokonan'ireo mpiasan'ny fandanjana fiara vaventy amin'ny lalampirenena.*

***Aly***

Tsy misy fikarakarana

## Kaohan'ny ranomasina ny morontsirak'i Morondava

Mitohy ihany ny fikaohan'ny ranomasina ny morontsirak'i Morondava, renivohitry ny faritra Menabe amin'izao fotoana, tsy misy anefa ny fikarakaran'ny tompon'andraikitra an'izany, na ny ao amin'ny kaominina any an-toerana, izay tsy misy ben'ny tanàna amin'izao, na ny faritra, na ireo ministera tompon'andraikitra toy ny ministeran'ny asa vaventy sy ny ministeran'ny fanajariana ny tany,... Efa trano maro nanamorona ny morontsiraky ny renivohitry ny faritra Menabe no efa lasan'ny riaka, ary maromaro ihany koa ankehitriny no ahiana ho tratran'izany fahapotehana izany. Manaitra ny saain'ny tompon'andraikitra ny any an-toerana noho izany.

***Niaina***

Fanjifana sakafo

## Miha-mihotsaka hatrany ny kitapom-bolan'ny vahoaka


Ny fomba fanjifana sy ny mahasarika ny vahoaka andavanandro, no ahafahana mitaratra tsara ny fikorosofahan'ny fahafaha-mividy sy ny fahantrany. Efa nampiteny ny moana ny fisian'ny fampiasana ny kapoakana voatabia amin'ny boaty eny an-tsena, ny fanjifana ampahefany ny fanaovana tsiron-tsakafo ireny, ny silaka dibera, ny menaka amin'ny sachet kely na amin'ny sotro, sns... Izao indray anefa dia miampy zava-baovao izany. Misarika ny olom-pirenena ny manjifa ireo voankazo nosilatsilahana, fa tsy amidy amin'ny bolongany iray feno. Anisan'izany, ohatra, ny voankazo papaye, ny voatango, ny mananasy. Tsy voavidin'ny olona ny iray amin'izy ireny amin'izao fotoana izao na te hihinana aza izy. Ilaina rahateo isan'andro ny fihinanana voankazo. Tsy afa-manoatra anefa ny vahoaka. Mahatsapa izany ireo mpivarotra, ka mizarazara na silatsilahany ny voankazo amidiny. Raha 2 arivo ariary, ohatra ny mananasy iray, dia silahany zarainy efatra, ohatra, ka amidiny 500 ariary ny silany iray. Raha 4000 ariary ny papaye lehibe iray, tsy misy afaka hividy izany izao noho ny halafosany, dia zarazarain'ny mpivarotra io, ka amidy 500 ariary ihany koa ny silany, dia lafo ilay iray manontolo satria io no mahasarika ny mpanjifa sy zakany. Eny antsena no ahitana izany toe-javatra izany.
Mety eo ny fahaizana mivarotra, mijery ny tinady sy ny fahambanian'ny fahafaha-mividy, kanefa koa, etsy ankilan'izay, maneho miharihary fa tena miha-mihotsaka ny kitapom-bolan'ny vahoaka. Tondro iray maneho ny fihitsoky ny fahantrana lalina any anaty fiainan'ny vahoaka Malagasy izany. Taorian'ireo entana sakafo samihafa izay miha-mihena hatrany ny fanjifan'ny vahoaka ny habetsahany izany izao, dia miseho indray ity ny eo amin'ny voankazo. Asa, inona indray no hiseho manaraka ho avy, satria manambara hatrany ny fitondrana Rajoelina fa aminy no hisian'ny toe-javatra tsy mbola nisy tao anaty 60 taona, ary hanova tantara izy.

***Radafy***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 368**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0367)

***Mitsivalana***
- Nianjera
- (B)as(y) – (G)ar(a)
- Namboly
- Dia – Nana
- Anilanao
- Lany – Jir(o)
- Aoka

***Mitsangana***
- Nandalo
- Isaina
- Maina
- Lio
- Jaona
- Lanja
- Rainay
- Ar – Eroa (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 368




**Mitsivalana**
**1.** Voankazo – Mahantra (miv) **2.** Andro masina ihany koa **3.** Matoan-janaka – Kitapo vy **4.** Mpanondro toerana – Ala tapaka **5.** Taona – Mpanondro **6.** Tsy azo atao **7.** Miasa – Tsara **8.** Zanak'i Dada – Anelanelan'ny tany sy rano – Fitsaboana folaka **9.** Famafana **10.** Ambanin'ny vilany (miv) – Fotoana lasa (miv)

**Mitsangana**
**A.** Milaza vaovao – Mandoro **B.** Toetra ratsy – Dodona (BR) **D.** Vola fanomezana – Bibilava **E.** Milaza fananana – Ilainay (miv) **F.** Faran-teny – Fonenana **G.** Lazao – Metaly **H.** Nefaina vola (miv) – Tofoka (miv) **I.** Sakoroka (miv) – Vazo masina, Antsam-panahy (miv) **J.** Tapitra – Betsaka (miv) **K.** Atsahatra (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0367

**Mitsivalana**
**1**.Fisorohana **2**. Ilofosana **3**. Aloa (miv) - Loko (miv) **4**. Fito (miv) **5**. Ala - Feo (miv) **6**. Ranomasina **7**. Nizorana (miv) 8. Nirina - Tsy (miv) **9**. Siny (miv) **10**. Soratra

**Mitsangana**
**A** Fiakarana **B**. Ilo - La **D**. Soloanareo **E**. Tafo (miv) - Ony **F**. Ro - Mania **G**. Os(y) - Foara **H**. Hao - Eso - (H)ir(a) **I**. Ankafizina **J**. Nao - Nisy **K**. Lasantsy